## FITSARAM-BAHOAKA TANY LALAZANA 4

# NISY MPANOME BAIKO, HOY NY FIANAKAVIAN'NY MATY

## MARINA IZANY ! 2

### VOLAN-KAKAFOTRA !


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7586 | Taona faha-25 | Vidiny : 500 Ariary | Gazety mivoaka isan'andro | Talata 06 jona 2023


## ERICK MANANA 7

### HANOLOTRA SEHO TOKANA AO AMIN'NY CCESCA



## DORIS RAKOTO SAMUEL 2

# NIVOAKA NY DIDY MAMETRAKA AZY EO AMBANY FANARAHA-MASON'NY FITSARANA




## FAHATAPAHAN-JIRO 3

### AMIN'NY FARAN'NY HERINANDRO NO HIVERINA AMIN'NY LAONINY

## LALAMBIM-PIRENENA 3

### HIAKATRA FITSARANA IREO MPIASA MISOTRO RONONO

## ARSEVEKA VAOVAON'NY DIOSEZIN'ANTANANARIVO 2



# NY MGR JEAN DE DIEU RAOELISON NO HANDIMBY NY MGR ODON RAZANAKOLONA

## DEPIOTE TODISOA 2

### MPANALA BEPC SY BACC ENY AMBOHIMANARINA, MISITRAKA FARADOBOKA




Telma

MIZARA KADOA !

Lalaotsika

MAMPIASÀ TOLOTRA Telma Net NA Yelow DIA

MAHAZOA KADOA FOANA !

MANDRAISA ANJARA AMIN'NY FISARIHANA

LOKA BE DIA BE !

GCL 527/24-5

MVola BANK

TRANSFÉREZ DE L'ARGENT DE VOTRE COMPTE BANCAIRE VERS VOTRE COMPTE MVOLA

Tapez le #111*1*8# ou utilisez

DISPONIBLE AVEC :

BNI MADAGASCAR | BANK OF AFRICA | BMOI | SOCIETE GENERALE MADAGASIKARA | baobab | MCB

GCL 526/24-5

Arseveka vaovaon'ny diosezin'Antananarivo

# Ny Mgr Jean De Dieu Raoelison handimby ny Mgr Odon Razanakolona

*Nahazo Raiamandreny ara-panahy vaovao ny zanak'Andriamanitra miangona eo anivon'ny Eglizy Katolika Romanina eto amin'ny Arsidiosezin'Antananarivo.*

Nankatoavin'ny Papa Fransoa ny fangatahan'ny Monsenera Odon Marie Arsène Razanakolona hitsahatra amin'ny fitantanana ny Arsidiôsezin'Antananarivo. Niaraka tamin'izany dia notendreny ho Arsevekan' Antananarivo vaovao ny Monsenera Jean de Dieu Raoelison, Evekan' Ambatondrazaka ankehitriny. Ity farany, raha tsiahivina dia efa Eveka mpanampy ho an'ny Diosezin' Antananarivo nanomboka ny taona 2010 hatramin'ny 2015 Ary voatendry ho Evekan'Ambatondrazaka taorian'izay. Mikasika ny fametraham-pialan'ny Monsenera Odon Razanakolona indray, nanazava ny teo anivon'ny Vaomieran'ny Eveka ho an'ny Fifandraisan' ny mpiara-belona – Madagasikara fa ny Eveka rehetra feno 75 taona dia tsy maintsy mametra-pialana amin'ny fitantanana ny diosezy iandraiketany ka ny Papa no mamaly sy manaiky izany amin'ny fotoana maha mety azy. Efa 77 taona moa i Arseveka io amin'izao fotoana ka heverina fa izay no antony nandefasany taratasy mirakitra ny fametrampialany tany amin'ny Papa. Raha tsiahivina, tany amin' ny volana febroary taona 2006 no voatendry ho arsevekan'Antananarivo ny Monsenera Odon Razanakolona.

**Mamy R**

Doris Rakoto Samuel

# Nivoaka ny didy mametraka azy ho eo ambany fanaraha-mason'ny Fitsarana

Sarika am-pandriana ! Niakatra fampanoavana sy mpitsara mpanao famotorana teny amin'ny Tribonaly Anosy omaly Rtoa Doris Rakoto Samuel, andefimandrin'i Mahery Lanto Manandafy fantatry ny maro amin'ny hoe Malama. Naharitra ora iray teo ho eo ny fakana am-bavany ary niafara tamin'ny famoahana didy mametraka azy ho eo ambany fanaraha-mason'ny fitsarana izany. Raha tsiahivina, tohin'ilay fitaomana olona teny amin'ny kianjan' ny 13 mey tamin'ny 31 mey lasa teo ity raharaha mahavoasaringotra azy ity. Marihana, fa nialoha ny niakaran'i Doris Rakoto Samuel fampanoavana omaly dia nataon'ny zandary sarika am-pandriana teny amin'ny trano fonenany teny Andoharanofotsy ny tenany. Araka ny nambaran'ny Me Maka, mpisolovava miaro an'i Doris Rakoto Samuel dia famoriam-bahoaka tsy nahazoana alàlana sy fitarihana hetsika an-dalambe tsy nahazoana alalana ary fanivaivana mpitandro ny filaminana no vesatra niampangana io andefimandrin' i Malama io. Nambarany ihany koa fa hiakatra Fitsarana miaraka amin'i Nambinina Raherimampianina, mpitarika ny vovonana Gasy Leo Rtoa Doris Rakoto Samuel ny 16 jona ho avy izao. Itsy voalohany, raha tsiahivina dia nosamborina nandritra io hetsika teny amin'ny 13 mey io ihany ary naiditra am-ponja vonjimaika noho ny fandraisany anjara tamin'izany. Nokendrena hitakiana ny fisokafan'ny kianjan'ny 13 mey mba hahafahan'ny olom-pirenena maneho hevitra sy manao fihetsiketsehana ankahalalahana izany hetsika izany. Dia ho hita eo ny tohin' ny raharaha.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Volan-kakafotra !

**Arakaraky ny androsoan'ny fotoana no tsikaritra ho miha milentika lalina ao anatin'ny fahasahiranana ny ankamaroan'ny tokatrano Malagasy. Saika volan-kakafotra ka ny omaly tsy miova mantsy ny olana efa nialnana volana maromaro lasa. Ao anatin'izany ny tsy fisian'asa ho an'ny tanora; ny firongatry ny tsy fandriampahalemana; ny fiparitahan'ny zava-mahadomelina; ny fahapotehan'ny rafi-pampianarana izay toa misoko mangina; ny fanapotehana tsikelikely ny fotopisainana sy ny soatoavina Malagasy amin'ny fomba an-kolaka na mivantana ka ireny miantraika eny amin'ny fiarahamonina ireny ny voka-dratsiny. Anisan'izany, iarahan'ny rehetra mahita eny amin'ny fiarahamonina eny ny fahasahiana mamono olona ankitsirano, noho ny fitiavan-tena na antony hafa; fanolanana zaza vao amam-bolana monja; ny fahasahian'ny ray niteraka manimba ny zanany vavy mbola virjiny; ny famingavingana ny zokiolona ...Santionany amin'ny olana iainandRamalagasy isan'andro ireo izay mampametrapanontaniana hoe: tena tsy ahitana vahaolana mihitsy ve sa iniana tsy vahana ny olana ? Izay ny ara-tsôsialy fa mbola volan-kakafotra ihany koa ny pôlitika. Antony, volana vitsivitsy mialoha ny fepotoana napetraky ny lalam-panorenana hanatanterahana fifidianana, mbola tsy hita soritra mazava ny hoenti-manana hanatanterahana izany. Tsy izany ihany fa toa arakaraky ny androsoan'ny fotoana ihany koa no toa miha mafana sy miha henjana ny fifandraisan'ny mpanao pôlitika tsy mitovy hevitra sy ny mpanohana azy avy. Tranga tsy ahatarafana sy tsy anantenana fitoniana, nefa ireo farany ireo no fepetra takian'ny fifidianana, mba hisorohana ny krizy sy ny korontana aorian'ny famoahana ny vokatry ny latsa-bato!**

Voahangy Rakotozafy

Depiote Todisoa Andriamampandry

# Mpanala BEPC sy BACC 800 eny Ambohimanarina misitraka faradoboka

Iray volana eo ho eo mialoha ny fanadinam-panjakana BEPC, manomana faradoboka maimaimpoana hanaovan'ny mpianatra ao amin'ny boriboritany faha-6 famerenana ny taranja rehetra ny depiote Todisoa Andriamampandry. Tsy diso anjara fa mahazo tombony amin'izany ihany koa ireo mpianatra hiatrika ny fanadinana bakalorea afaka roa volana eo ho eo. Natomboka ny sabotsy teo izany faradoboka maimaimpoana izany ary manodidina ny 800 ireo nisoratra anarana misitraka ny hetsika. Marihana fa iantohana manontolo ny « polycopes » mamintina ny lesona sy ny fampiharana hatao mandritra izany. Ambonin'izay, mitohy hatrany ny fanohanan'ny depiote Todisoa Andriamampandry ireo mpitia fanatanjahantena eny amin'iny boriboritany nahalany azy iny. Ny farany teo, niditra an-tsehatra nilalao niaraka tamin'ny tanora tao amin'ny « kianja Todisoa » eny Anosibe Zaivola ny tenany ary tsy vitan'izay ihany fa nanolotra omby 3 sy ondry 8 ho an'ireo tanora mpanao baolina kitra eny an-toerana ny tenany. Ankehitriny, manomana hetsika didim-poitra faobe maimaimpoana ho an'ny zanak'Ambohimanarina indray ity olomboafidy TIM ity.



**Manohana ireo mpianatra hiatrika fanadinam-panjakana ny depiote Todisoa.**

**Mamy R.**

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 116 - 06 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### Paty sy tongolo gasy ary fromazy

**Zavatra ilaina :** paty 500g, tongolo gasy 10, lard fumé 75g, fromazy 200g, menaka 4 sotro lehibe, sira sy dipoavatra

Teteho ny lard fumé na henakisoa fanendy ihany koa mety, ary torak'izay koa ny tongolo gasy Ampangotrahy ny rano misy sira, avy eo dia arotsahy ao ny paty ka masaho. Etsy ankilany, afanao ny menaka dia endaso ny tongolo gasy sy ny lard fumé ary haroharoy. Teteho ny fromazy. Tsihifo ny paty ary arotsahy miaraka ao dia haroharoy. Arotsahy ao koa ny fromazy dia asio sira sy dipoavatra.

A VOUS LA PAROLE

APETRAHO NY FANONTANIANAO AMIN'NY MPANAZATRA

Coach Roro

*Izy no vahiny manaraka amin'ity karazan-dahatsoratra manaraka ity*



Anarana

Asa

Fanontaniana 1)

Fanontaniana 2)

Hetezana ao anaty gazety ny tapakila ary haterina aty amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano, Lalana Ravoninahitriniarivo, BP1414, Antananarivo 101, mialoha ny 12 jiona 2023.

Gazetiko

Fahatapahan-jiro

# "Amin'ny faran'ny herinandro vao hiverina amin'ny laoniny ny herinaratra"

*Tandindomin-doza ny mpiasa indrindra ireo miserasera amin'ny mpanjifa.*

Misedra olana maro ny Jiro sy Rano Malagasy amin'izao fotoana izao. Mikaikaika ny mpanjifa satria efa mihoatra amin'ny tokony ho izy ny zava-misy iainana noho ny delestazy. Faty antoka iray lavaka no iainan'ireo orinasa izay vao manomboka miarina noho ny valanaretina nisy telo taona lasa izay. Manomboka mihetsika ny vahoaka. Tsy ny mpanjifa ihany anefa fa hatramin'ny mpiasa mahita ny tsy fahatomombanana ary matetika lasa iharan'ny antsonjay ataon'ny mpanjifa. Araka ny fanazavan'ny filoha nasionalin'ny SMJ Ratovomanarivo Anmora: *"Hanatanteraka fivoriana ny birao nasionalin'ny SMJ ny sabotsy izao. Miharatsy ny toe-draharaha satria manara-maso ny fiainan'ny orinasa indrindra mikasika ny mpiasa sy mpiara-miasa no antompisian'ny sendika. Tandindomin-doza ny mpiasa indrindra ireo miserasera amin'ny mpanjifa ka ilaina ny mijery vahaolana sy manolotra sosokevitra. Ankoatran'izay, ho resahina ao ihany koa ny tombontsoan'ny mpiasa toy ny CNaPS izay voalaza fa tsy voaloa ara-potoana ny latsakemboka ka lasa misy fiantraikany."* Raha ny zavamisy ankehitriny, nambaran' ny tale jeneraly mpitsolo toerana Hery Tiana Rabarison ary nohamafisin' ny minisitra ny angovo Solo Andriamanampisoa fa : *"Amin'ny alarobia izao vao hiverina amin'ny laoniny ny famatsiana solika ary miandry 24 ora fa tsy afaka tonga dia ampiasaina izany ka amin'ny zoma vao hiverina amin'ny laoniny ny famatsiana herinaratra eto."* Tsy ampy ny fiarabe mpitatitra solika mavesatra satria efatra isan'andro no tonga hatreto ka hisy fifanarahana amin'ny fiarandalam-by atao mba hampitomboana izany, hoy hatrany ny fanazavan'izy ireo.

**Nath**

Lalambim-pirenena

# Hiakatra fitsarana ireo mpiasa misotro ronono

Tapin-dalan-kaleha ireo mpiasa misotro ronono tao amin'ny orinasan-dalamby RNCFM (Réseau National des Chemains de Fer Malagasy) Antananarivo, Toamasina, Ambatondrazaka, Moramanga, ary Antsirabe fahiny. Hiakatra fitsarana rahampitso alarobia 7 jona ny fitoriana nataon'ny MADARAIL azy ireo. Fipetrahana amin'ny trano na ny fampiasana ny tanin'ny orinasa no voalaza fa antony ny fitoriana. Miantso vonjy amin'ny Filoham-pirenena malagasy ireto farany mba hijery akaiky ny momba ity raharaha ity. Efa nisy ny taratasy fitarainana nalefan'izy ireo tany amin'ny fiadidiana ny Repoblika, ny Minisiteran'ny fitaterana, ny Minisiteran'ny mponina, ary antso vonjy tany amin'ny solombavambahoka sy sendika.

**R. Muray**

Raphaël Jakoba - Raharaha Base Toliara

# "Aty Madagasikara ny mason'ireo mpampiasa vola maneran-tany"

Mijanona ho baraingo ny momba ny raharaha Base Toliara. *"Manara-maso akaiky ny zava-misy eto Madagasikara ireo mpampiasa vola amin'ny sehatry ny harena ankibon'ny tany maneran-tany sy ireo mpampiasa vola amin'ny ankapobeny. Mametra-poanontanina izy ireo mikasika ny fampiatoana an'ity tetikasa fitrandrahana fasimainty ity sy ny antony tsy mampandroso azy."*, hoy Raphaël Jakoba, mpanolontsaina iraisampirenena momba ny lalana. Efa tamin'ny volana novambra 2019 no nandraisan'ny fanjakana malagasy fepetra fampiatoana ny asan'ny Base Toliara, izay mbola manan-kery mandraka ankehitriny. Nambarany fa tsy dia misy fampiasam-bola goavana eto Madagasikara ankoatra an'Ambatovy, izay mampiasa eo amin'ny 8 miliara Dôlara eo. Vinavinaina eo amin'ny 700 tapitrisa Dôlara anefa ny fampiasam-bola hataon'ny Base Toliara. Raha ny fanadihadiana nataon'ireo mpahay toekarena teo anivon'ny CREM (Cercle de Reflexion des Economistes de Madagascar), dia mila fampiasam-bola eo amin'ny 1,5 miliara Dolara isan-taona ny firenena malagasy mba hahafahana mampisitraka ho an'ny vahoaka ny fitombon'ny harin-karena. Raha ny hevitr'i Raphaël Jakoba, dia mbola lavitry ny kitay ny afo raha ny tahiry misy eto amin'ny firenena no hamenoana io filana amin'ny fampiasam-bola io. Izany indrindra hoy ity manampahaizana ity ny tokony handraisan'ny fanjakana andraikitra amin'ny fanatsarana ny endriky ny fampiasam-bola eto Madagsikara mba hisintonana mampiasa vola avy any Ivelany hoentina manohana ny fampandrosoana eto amin'ny firenena.

**R. Muray**

" Bank to MVola "

# Maimaimpoana ny saran'ny fandefasam-bola

Miara-miasa amin'ireo banky lehibe enina eto Madagasikara ny orinasa MVola. Natao maimaimpoana ny saran'ny fandefasam-bola miainga amin'ny kaonty banky mankany amin'ny kaonty MVola ho an'ireo olon-tsotra mampiasa ny tolotra "Bank to MVola", nanomboka tamin' ny fiandohan'ity volana jona ity. Nahena ho 1 isanjato raha 2 isanjato teo aloha ny saram-pandefasana vola miainga amin'ny kaonty MVola mankany amin'ny kaonty banky. Nahena hatrany amin'ny 60 isanjato koa ny saram-pandefasana vola ho an'ireo orinasa sy ireo mpanao ny fitsinjarana ary mbola mety hisy sarany tokona hapetraka. Nanomboka ny taona 2017 no namolavolana ity tolotra ity, izay manampy ireo mpanjifa manana kaonty amin'ny banky mandefa vola any amin'ny kaonty MVola na ny mifamadika amin'izany. *"Mihabetsaka ny Malagasy mampiasa ny tolotra arabola nomerika, izay manome tombony eo amin'ny lafiny fotoana sy fandriampahalemana.0* hoy i Heritiana Andrianalisoa, tale jeneraly lefitry ny MVola.

**R. Muray**

EPS Bakalorea 2023

# Ankizivavy 7 nitondra vohoka

Tamin'ity taona ity, noho ny olana amin'ny tsy fahampian'ny mpiasan'ny fahasalamana izay voatery nanao vaksiny, tsy nisy ny fanaovana fitiliana herinandro mialoha ireo mpianatra hiatrika EPS bakalorea. Tamin'ireo mpiadina marobe efa nanomboka ny fanadinana EPS Bakalorea, nisy 7 no nitondra vohoka. Voalazan'ny mpandrindra ankapobeny ny adina ara-panatanjahantena eto Antananarivo, Raharivelomamonjy Bakoliarisoa: *"efa niteny mialoha ireo zatovovavy nitondra vohoka ireo ary mazava ho azy fa tsy maintsy navadika ho adina an-tsoratra no ataony ny 21 jolay 2023 izao. Nisy maro ihany koa ireo mpianatra nisedra olana arapahasalamana mety noho ny tahotra na ihany koa ny tsy fihinanana sakafo ara-dalana mialoha ny niatrehana fanadinana fa saingy iray no tsy maintsy nalefa teny amin'ny hopitaly."* Mizara amin'ny foibem-panadinana 6 ireo mpiadina 42 000 mahery ireo ho an'Antananarivo. Anisan'ny niavaka tamin'ity adina ara-panatanjahantena EPS Bakalorea ny tsy fahafahan'ireo ray aman-dreny manatrika ny fanadinana. Toy ny fanadinana rehetra, tsy tokony ho azon'ny ray aman-dreny atrehina ny fanadinam-panjakana. Tamin'ity taona ity, nisy ny naoty navoakan'ny minisitera amin'ny tokony tsy hanatrehana ny EPS intsony.

**Nath**

SECES

# Hiroso amin'ny filankevi-pirenena ny 8 sy 9 jona ho avy izao

Hiroso amin'ny filankevi-pirenena anatiny sy ny manodidina azy izany hoe : mahakasika ny tontolon'ny fampianarana ambony eny anivon'ny anjerimanontolo miankina amin'ny fanjakana ny SECES Nasionaly ny 8 sy 9 jona 2023 ho avy izao. Raha ny fanadihadiana nataonay dia hiompana amin'ny lohahevitra : ny zo sy hasin'ny mpampianatra mpikaroka sy ny mpikaroka mpampianatra; ny tontolon'ny fampianarana ambony eo koa ny fiainam-pirenena ireo no teboka hisongadina mandritra io roa andro io. Fantatra fa ho tonga hanatrika an'ity filankevi-pirenena ity avokoa ny birao nasionaly sy ny birao ny sampana enina amin'ireo Oniversite isaky ny Renivohi-paritany. Ny eny amin'ny Oniversiten'Antananarivo no hanatanterahana ny dinika mandritra ny roa andro. Isan'ny asa hataon'ireo hiatrika an'ity filankevi-pirenena ity ny fanaovana tatitra isantsampana sy ny fanomanana ny asam-baomiera. Hisy ny fandravonana ny asam-baomiera izay natao sy fanohanana ny fehin-kevitra noraisina amin'izany. Ho an'ireo mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra dia fikatsahana ny vahaolana hampandrosoana ny tontolon'ny fampianarana ambony no zava-dehibe amin'izy ireo.

**Nampanantena**

Hatreto araka ny resaka nifanaovanay tamin'ny Profesora Ravelonirina Samy Grégoire dia *"mbola ny 75 isanjaton'ny vacation ihany no mbola naloan'ny fanjakana ary ny 50 isanjato kosa raha ny ora fanampiny. Ny Minisitera dia nampanantena hatrany sy nilaza fa efa mikarakara ny amin'ny handoavana haingana an'ireo ambiny ireo saingy hatramin' izao tsy nisy tohiny izany. Misy ireo Proposition de loi efa eny anivon'ny HCC fa hatramin'izao dia tsy mivoaka izany kanefa dia mba tokony hisy fahendrena ho fanehoana amin'ny Malagasy fa miasa ry zareo manoloana ny famaliana an'io olavolan-dalàna io".* Fantatra ihany koa fa misy ny nisy "projet de décret" dimy izay miresaka ny fandraisana ho mpampianatra fonksionera, ny fiakarana grady, ny hijerena an'ireo mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra izay efa misotro ronono mbola manohy mampianatra, ny tambin-karama amin'ny fikarohana sy fanadihadina lalina atao, ary ny fijerena manokana an'ireo mpampianatra eny amin'ny ambaratonga ambony efa manana mari-boninahitra izay voafaritra ao anatin'ny satan'izy ireo.

**Heriniaina A.**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara, sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.72.834.38. (G-BA 558/20-11)

* Lamba, kiraro, TV, machine, fanaka, vy, korontana. M. Sarah. Tél : 034.03.047.43 / 033.06.917.40. (G-BA 565/16-3)

### COURS

* Cours de coiffure acceléré : Isotry ampitan'ny mpivarokazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 561/10-8)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " coupe homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 561/10-8)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 563/6-6)

* Tous travaux de plomberie, vidange fosse septique. Tél : 033.45.550.85. (G-BA 564/7-5)

### VIDANGE

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 034.01.482.77. (G-BA 562/6-6)

* Manao asa momba ny vidange wc fosse septique et perdu, puisard. Tél : 033.07.856.77. (G-BA 562/6-6)

* Vidange wc fosse septique et perdu, puisard, plomberie, réhabilitat°. Tél : 032.46.173.34. (G-BA 562/6-6)

Fitsaram-bahoaka tany Lalazana

# Nisy mpanome baiko, hoy ny fianakavian'ny maty

*"Hisintona ny fitorianay izahay raha mety ny fanaovana fitsaram-bahoaka toy ireny" : hoy ny solon-tenan'ny fianakavian'ny maty.*



**Mitaky fitsarana madio ny fianakavian'ireo namoy ny ainy.**

Niakatra fampanoavana ao amin'ny fitsarana ambaratonga valohany Fianarantsoa ireo olona 105 lahy tafiditra amin'ny raharaha fanaovana fitsaram-bahoaka olona telo mpanao vato nandalo tao amin'ny tanànan'i Lalazana, kaominina Ambanivohitra Soahindrana distrikan'i Vohibato Fianarantsoa tamin'ny sabotsy 27 may lasa teo. Ny ampahany ihany aloha no nohenoan'ny mpitsara mpanao famotorana tao amin'ny fampanoavana, omaly. Izany hoe tsy noraisina avokoa izy rehetra fa nozaraina ka ny natao fanadihadiana tany amin'ny polisy no niakatra. Rehefa vita ny an'ireo dia mandeha indray ny andiany nohadihadiana tany amin'ny zandarimaria. Raha ny angom-baovao azonay dia nanao valan-dresaka ny fianakavian'ireo telo lahy namoy ny ainy, niharan'ny fitsaram-bahoaka ireo. Tamin'izany no nilazany fa nisy mpanome baiko ireo vahoaka ireo ka nahatonga azy ireo namono olona ary namotika ilay fiara. *"Mangataka ny fianakavian' ny maty mba handeha araka ny tokony ho izy ny fitsarana. Nisy baiko nandeha tamin' iny asa ratsy iny ka mangataka ihany koa izahay mba ho samborina io olona nanome baiko io ary mba hakarina fitsarana. Raha misy ny faneriterena arapitsarana dia tomponandraikitra izay olona manao izany. Hisintona ny fitorianay izahay raha mety ny fanaovana fitsaram-bahoaka toy ireny"* : hoy ny solon-tenan'ny fianakavian'ny maty. Nanentana izay namana sy akaiky an'ireo telo lahy namoy ny ainy ireo ihany ko aizy ireo mba hanaraka ny fizotry ny raharaha.

**Novonoina**

Tsiahivina fa telo lahy mpandraharaha mpanao vato no maty nodarohin'ny fokonolona tao amin'io tanàna voalaza etsy ambony io. Nampangaina ho mpangalatra olona izy ireo ka raha ny angom-baovao azonay avy any an-toerana hatrany dia enina izy ireto no niaraka tamin'ilay fiara tsy matahodalana « terracan ». Ny telo namoy ny ainy fa ny ambiny afaka nandositra ihany. Nandeha hitady vatosoa any Lalazana no tena antondiany, kanjo talohan'ny hidirana ny tanàna no nisy vahoaka nanao sakana sady nanery azy ireo hivoaka ny fiara. Niezaka nanazava ny anton-diany ihany izy ireo fa tsy nisy nihaino, satria olona efa mamo ny ankamaroan'ny vahoaka tao amin'ilay tanàna, hoy ihany ny loharanom-baovao. Nolazain'izy ireo fa mpangala-jaza ireo tao anaty fiara ka nanomboka teo dia raikitra ny savorovoro ary niafara amin'izao fanapotehana ny fiara sy famonoana azy telo lahy izao.

**Ariel D.**

Ambositra

# Jiolahy 2 lavon'ny balan'ny polisy

Jiolahy roa no lavon'ny balan' ny polisy tany Ambositra afakomaly alina. Ny iray tamin-dry zalahy ireo teo ampanafihana tokantrano iray tany Ampany no tra-tehaky ny polisy. Tamin'io alahady lasa teo io tokony ho tamin'ny 11 ora sy sasany alina, rehefa fantatry ny tompon-trano ny fahatongavan'ny olon-dratsy tao an-tranony dia nantsoiny avy hatrany ny polisy. Vantany vao naheno izany ny mpitandro filaminana tonga dia nandeha tany amin'ilay toerana ka tonga ara-potoana satria tratra am-body omby teo am-panaovana ny asa ratsiny ralehilahy. Tsy nanaiky hosamborina mora foana anefa izy fa mbola handeha hitifitra polisy. Voatery namaly izany ireto farany ka io voan' ny bala io ralehilahy ary nitarika ny fahafatesany izany.

**Tranga faharoa**

Ny tranga iray faharoa nahafatesana ilay jiolahy iray hafa kosa dia tany amin'ny fokontany Ampivarotanomby tamin'io alin'ny alahady hifoha alatsinainy io ihany tokony ho tamin'ny 1 ora sy sasany. Nahazo loharanombaovao ny polisy mikasika ny fisiana jiolahy telo mitondra basy mihaodihaody any antoerana. Raha vao nandre izany ny polisy dia nandeha nidina ifotony tany saingy vao nahatazana ireo mpitandro filaminana ry zalahy tonga dia nitifitra. Namaly tifitra ny polisy ka tamin'izany no nahavoan'ny bala ny jiolahy iray ary mbola tratra teny aminy ny basy nampiasainy. Tafaporitsaka kosa ireo namany roa. Efa nentina tany amin'ny tranom-paty tany an-toerana ireo razana roa taorian'izay. Mitohy ny fanadihadiana sy fikarohana ataon'ny polisy.

**T.H**

Anosizato Andrefana

# Fatin-jazakely nisy nanary tao anaty fako

Hatairana ny an'ny olona teny amin'ny manodidina tamin'ny fahitana ity fatin-jazakely iray nisy nanary teny amin'ny fanariam-pako iray teo Anosizato Andrefana omaly maraina. Nafangaro tamin'ny fako tao ilay fatin-jaza. Raha ny fanazavana azo dia zaza nesorina izy ity saingy efa hary tongotra aman-tanana. Tsy nisy nahita na nahatsikaritra ny olona nanary ilay fatin-jaza teo amin'io toerana io fa mety ho mbola maizimaizina mihitsy. Tsy fantatra araka izany ny olona nanao an'io. Tsy vao sambany rahateo no nahitana tranga toy izao teto Andrenivohitra fa efa matetika mihitsy. Misy aza ireo mahavita manary ny menaky ny ainy any anaty lavapiringa. Ao koa ireo zaza efa nateraka kanefa dia vonoina ary ariana na tonga dia ariandreniny tsotra izao. Antony maro no tombanana ho mahatonga izany. Ny vohoka aloha loatra hoan'ireo tanora, izay tsy mbola manana fahamatorana akory, ny fialàna andraikitra fa mbola tsy te-hisahirana, ny fahantrana izay hahavitan'ny sasany zavatra tsy ampoizina mihitsy sy ny maro hafa.

**R.C**

Belo sur Tsiribihina

# Zaza varira nisy namono, nesorina ny masony roa

Raha somary nangina tao ho ao ny halatra zaza varira dia miverina indray izany amin'izao. Zaza varira iray indray mantsy no maty nisy namono tany Bemarivo any Belo sur Tsiribihina ny faran'ny herinandro lasa teo. Tsy hita ny nanjavonan'ilay zaza ka nanao ny fikarohana azy ny fianankaviany. Indrisy, anefa fa ny fatin'ilay zaza sisa hita, izay efa tsy nisy maso intsony. Nesorina avokoa ny voamasony roa. Raha ny fanazavana azo dia nisy nangalatra ity zaza varira ity ary novonoina nakàna ny masony. Efa eo am-pelatanan'ny mpitandro filaminana moa ny raharaha amin'izao ka mandeha ny fanadihadiana sy ny fikarohana ireo olon-dratsy nahavanona izao. Efa natolotra ny fianankaviany ihany koa ny razana taorian'ny fizahana nataon'ny mpitsabo.

**Tsy milamina**

Raha ny vaovao voaray dia tsy milamina mihitsy ny any amin'ny faritr'i Belo sur Tsiribihina iny amin'izao noho ny firongatry ny tsy fandriampahalemana. Ankoatr'io tranga io mantsy dia lehilahy iray ihany koa no fantatra fa maty nisy namono tany Belo sur Tsiribihina ny herinandro lasa teo. Notapahin'ireo olon-dratsy ny lohany ka faty efa tsy nisy loha no hitan'ny olona. Mbola eo am-panaovana ny fanadihadiana mahakasika ity zava-nitranga ity moa ny mpitandro filaminana any an-toerana amin'izao. Mihorohoro tanteraka ny mponina manoloana izao vonoan'olona miharo habibiana mahatsiravina izao. Vao andro vitsy lasa ihany koa no nisy ilay raim-pianankaviana nokapain'ny jiolahy famaky teo amin'ny lohany.

**R.C**

Ambohimangakely

# Ankizy maty voadonan'ny fiara

Nisehoana lozam-pifamoivozana tany amin'ny lalampirenena faharoa, pk12+800, tany amin'ny toerana antsoina hoe Ampasimbe fokontany Andranovao eny amin'ny kaominina Ambohimangakely ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 1 ora sy sasany tolakandro. Ankizilahikely telo taona no maty voadonan'ny fiara tamin'io fotoana io. Teny an-dalana no nifanehatra tamin'ilay fiara izy ka naratra mafy vokatr'izany. Taitra avokoa ny olona tany an-toerana nahita ny loza ary nitangorona nijery ny zava-nisy. Tao ihany koa anefa ireo niantso ny mpitandro filaminana ka avy hatrany dia nandeha teny an-toerana ny zandary raha vao naheno izany. Efa nentina notsaboina tany amin'ny CSBII Ambohimangakely ilay naratra saingy tsy tana intsony ny ainy taorian'izay. Taorian'ny fizahana dia efa natolotra ny fianakaviany ny razana. Efa nentina nankany amin'ny biraon'ny zandary ny mpamily ny fiara.

**T.H**

## TATSY SY TAROA

***# Mpianatra zandary iray tsy hita. Manantanteraka hazakazaka lavitr'ezaka eo amin'ny 8 km eo ho eo ireo mpianatra ao amin'ny sekolin'ny zandarimariampirenena Ankorombe Ambositra, isaky ny sabotsy maraina.*** Manao fanamiana ireo mpianatra ireo sady mivesatra entana saingy tsy mitondra basy. Izany hoe mikotrana toy ny mpanao vy very ny aina na « Commando », ao anatin'ny faritry ny sekoly ao ihany. Na izany aza amin'ny maha kotrana miaramila azy dia misy hatrany ny ambana eny an-dalana. Tamin'io fotoana io no tsy fantatra izay nanjavonan'ny mpianatra iray « EGM Rabevaharison Tojonirina ». Tsy hita mihitsy izy rehefa natao ny fizahana ny lisitr'ireo mpianatra. Hatreto dia mandeha ny fikarohana azy.

**Ariel D.**

## MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

**Lasa lavitra**




## Hatsikana an-tsary

**Olona iray**




## Masoandro Miposaka

**Eksodosy 6 : 6**

Koa lazao amin'ny Zanak'Isiraely hoe: Izaho no Jehovah, ary hitondra anareo hivoaka ho afaka amin'ny fanompoana mafy ampanaovin'ny Egyptiana anareo Aho ka hanafaka anareo amin'ny fanompoana azy; ary sandry ahinjitra sy fitsarana lehibe no hamonjeko anareo.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Mitsaha-pilana hoatra ny mpivaro-baliha maty vady.**

Cesser son commerce, comme un marchand de " valiha " qui vient de perdre sa femme.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **2967**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 5 | | | 3 | | | 6 | | |
| | | 3 | | 6 | | | 7 | |
| | 9 | 6 | | 5 | | | | |
| | 7 | | | | | 2 | | |
| | 1 | | | | | | 8 | |
| | | | | | | 7 | 3 | 9 |
| | 4 | | | | 8 | | 2 | |
| 9 | | | | 7 | | 5 | | |
| 8 | 3 | 1 | | 4 | | | | |

Valin'ny laharana **2966**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 5 | 4 | 6 | 2 | 3 | 9 | 8 | 1 | 7 |
| 8 | 1 | 9 | 7 | 4 | 5 | 3 | 6 | 2 |
| 3 | 7 | 2 | 1 | 6 | 8 | 4 | 5 | 9 |
| 4 | 2 | 8 | 9 | 5 | 6 | 1 | 7 | 3 |
| 9 | 5 | 7 | 8 | 1 | 3 | 6 | 2 | 4 |
| 6 | 3 | 1 | 4 | 7 | 2 | 9 | 8 | 5 |
| 7 | 8 | 3 | 5 | 9 | 1 | 2 | 4 | 6 |
| 1 | 6 | 5 | 3 | 2 | 4 | 7 | 9 | 8 |
| 2 | 9 | 4 | 6 | 8 | 7 | 5 | 3 | 1 |

Erick Manana sy Ralah' Trio

# Hanolotra seho tokona etsy amin'ny CCEsca Antanimena

*Ireo traikefa niainan'izy ireo nandritra 3 volana tany Eorôpa no entiny ho an'ny mpankafy amin'ny Asabotsy izao.*



**Hiara-dalana ny anti-panahy sy ny tanora vao herotrerony.**

Mandalo eto Madagasikara amin'izao fotoana izao i Erick Manana, hanolotra seho tokana sady miavaka miaraka amin'ny Ralah'Trio izy ny Asabotsy 10 jona izao hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro. Nandritra ny 3 volana no efa niaraka ry zareo ary efa nahavita ny fitetezana an'ny Eorôpa tamin'ny fampisehoana isaky ny Asabotsy. Ireo traikefa niainan'izy ireo nandritra izany no entiny ho an'ny mpankafy amin'io Asabotsy io izay hamaranany ny fiarahany amin'ity taona ity fa hitohy indray izany amin'ny taona manaraka. Hamoaka rakikira mitambatra ihany koa mantsy ry zareo amin'izay fotoana izay. Fantatra moa izany nandritra ny resaka ho an'ny mpanao gazety tetsy amin'ny "La Toque Enchantée" etsy Antanimora omaly maraina. Nomarihan'i Erick Manana fa seho hafa mihitsy no hitranga satria dia amin'ny maha mpiangaly mozika Jazz Ny Ralah'Trio dia hingaliana mifanaraka amin'izany ny hira sasany. Fa ankoatra izay, dia hitendry irery sy hihira ireo hirany ihany koa i Erick Manana ary mety hisy hanehoan'ny Ralah' Trio ny hirany ihany koa. Notsiahivin'i Erick Manana ihany koa fa mivelatra amin'ny gadona maro izy ary mitrandraka hatrany izay gadona mandona ny fo sy mampiakatra ny aty fanahiny ka izany no naharesy lahatra azy tamin'ireto tanora ireto.

**Amidy manomboka anio ny tapakila**

Hiara-dalana izany ny anti-panahy sy ny tanora vao herotrerony. Azo lazaina fa nandritra ny fiarahan'izy ireo tany Eorôpa no nahafantaran'ny mpankafy fa manan-talenta izy ireo. Ny Ralah'Trio moa dia ahitana an'i Tsanta Randriamihajasoa (mitendry Gitara, Pianao, Marovany), Ranto Rakotomalala, (Gitara Beso) ary Titan Randriamasindrazana (mively aponga maro anaka).

Fa ankoatra izay, dia hanafana ity fihaonana amin'ny mpankafy etsy amin'ny CCESCA ity ry Manou Radonason, Vanintsoa Tarantsoa sy ny valihany ary Voara Fidimanantsoa.

Amidy manomboka anio amin'ny 8 ora maraina ka hatramin'ny 4 ora hariva etsy amin'ny CcEsca ny tapakila VIP sy ny Famandrihana fa amin'ny andron'ny fampisehoana kosa ny tapakila tsotra.

**Tiaray R**

" Festival des baleines "

# Ho tanterahana ny 15 hatramin'ny 23 jolay izao

Ho tanterahana ny 15 hatramin'ny 23 jolay izao indray ny "festival des baleines" any Sainte Marie. Toy ny isan-taona dia hisy ny fijerena ireo "baleines" izay mivoaka ny ranomasina izay tena mahasarika mpizahatany maro fa ihany koa ny malagasy izay mipetraka any an-toerana. Ankoatra izay dia hisy koa ireo hetsika ara-kolontsaina hohita any an-toerana toy ny fampisehoana maro loko izay iarahana amin'ireo mpanakanto ao an-toerana sy hafa ihany koa. Hisy koa ny fifaninanana ara-panatanjahantena maro sy karazana kilalao izay azon'ny rehetra handraisana anjara. Miresaka ity farany dia tsara ny manamarika fa anisan'ny hampiavaka ity hetsika ity dia hisy ny fihenam-bidy omen'ny mpikarakara ho an'ny Malagasy rehetra maniry mba te hijery ity hetsika ity. Nomarihan'izy ireo mantsy fa hetsika tsy fahita firy raha tsy indray mandeha isan-taona ny « festival des baleines » kanefa dia azo lazaina fa mbola ankavitsiana ny malagasy mba mahita izany. Ny fahasahiranana ara-bola no voalazan' ireo mpikarakara fa antony goavana mahatonga izay ka dia hiezaka izy ireo hijery vahaolana ho an'ny tsirairay. Azo jerena ao amin'ny pejy fesiboky "festival des baleines" moa ny andinidininy mahakasika izay fihenam-bidy izay. Marihana fa anisan' ny manohana izao hetsika izao ny Telma Madagascar.



**Mahavariana ny maro mihitsy ny mijery ity hetsika ity.**

**Tanya. R**

Jörg Penzkofer Kopittke

# Ho avy eto Madagasikara, hanao asa soa ao amin'ny akany iray eny Ambohimangakely

Ho avy hanatanteraka asa soa ao amin'ny akany Torrent de Kerith eny Ambihimangakely i Jörg Penzkofer Kopittke izay filohan'ny fikambanana Kinder Hilfe. Amin'ny volana aogositra amin'ity taona ity moa izy no manana vina ho avy eto izay ary hitondra fitaovana informatika toy ny solosaina ho an'ny sekolin'ny Akany. Tsara moa ny manamarika fa efa ray mpiahy (parrain)an' ireo ankizy taizaina ao amin' ny akany mihitsy izy satria tsy vao izao izy no nanatanteraka asa soa ho an'ity akany ity fa efa nisy ny fanampiana izay efa nataony teo aloha. Efa nisy ihany koa ny hetsika fifaninanana hazakazaka izay nokarakarain'ny fikambanany ho an'ireo mpianatra avy amin'ny sekoly iray ao Berlin tamin'ny fiandohan'ny volana mey lasa teo mba hanampiana ny akany ka ny ampahan'ny vola azo tamin' io hetsika io dia nahafahan' ny akany nividy « panneau solaire ». Tsara ihany koa ny manamarika fa tsy vao izao izy no mandalo eto amintsika fa tany amin'ny taona 2020 tany dia efa teto izy sy ny vadiny ary efa nanatanteraka asa soa be dia be ho an'ny akany maromaro teto Antananarivo sy ny manodidina.

**Tanya.R**

## FANITSIANA

Mikasika ny lahatsoratra nivoaka an-gazety omaly Alatsinainy. Momba ny fifanaovan-tsonia fiaraha-miasa teo amin'ny Airtel Madagasikara sy « 10 000 Codeurs » ny faran'ny herinandro teo. Izay mitondra ny lohateny hoe : « Hanokatra ny varavarana ho an'ny asa nomerika ho an'ny tanora ».
Ialana tsiny amin'ny mpamaky sy ny orinasan-tserasera Airtel Madagasikara ary ny mpiara-miasa aminy. Raha «**10 000 codeurs**» no tokony ho izy, dia « 10 000 Coders » no nivoaka tamin'ny Gazety. **Tiaray R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Ny fiainana dia azo oharina amin'ny fivoy misy kodiarandroa, rehefa tsy mandroso dia mianjera. Ny mandroso hatrany no safidy tsara hiarovana amin'ny fianjerana sy hahatrarana ny tanjona. "


**Ny Vetso (08/12/13)**

("The Christian walk is much like riding a bicycle; we are either moving forward or falling off." ROBERT Tuttle/ Leadership)

Tarika Kiaka ao Antsahamanitra

# Hampiara-peo amin'ny zanany vavy i Nini

Roa taona taorian'ny nankalazana ny 35 taona. Izao vao hiaka-tsehatra ao Antsahamanitra indray ny tarika Kiaka. Araka ny programa efa mandeha eny rehetra eny, ny alahady 11 jona izao no hanatanteraka fampisehoana goavana ao an-toerana ny tarika. Ny mpikambana rehetra ao amin'ny tarika (ankoatra an'i Johnny izay tsy eto an-tanindrazana amin'izao fotoana izao) no hifarimbona hamelona ny hiran'ny tarika amin'izany. Anisan'ny hisongadina kosa amin'ity fiakarana an-tsehatry ny tarika ity, ny fampakarany ireo taranany eny an-tsehatra. Anisan'ireny i Harena Sarobidy, zanaka vavin'i Nini, izay hampiara-peo aminy na koa hivazo ny hirany eny ambony lampihazo. Ankoatra izay, ho avy hanotrona ireo rainy ihany koa ny zanak'i Deba antsoina hoe Rojo, izay hampiseho ny talentany amin'ny fahaizana miangaly ny gitara « solo ». Ny zanak'i Daddy mirahalahy ; Tendry hiangaly vatamaroafitsoka sy Stevie hitendry gitara. Ao koa i Princy zanaka lahin'i Joce, mahay mitendry gitara sy vatamaroafitsoka fa ny gitara no hiangaliany amin'io. Ary farany, ny zanak' i Zozo lahy antsoina hoe Greg, izay hively ampongamaroanaka.



**Nini sy Harena Sarobidy mitaingina sovaly vy.**

**Tsy noterena**

Araka ny fanazavan'i Nini : « *tsy nisy noterena ireo ankizy ireo na iray aza fa nandeha tamin'ny nahi-pony avokoa* », hoy izy. Asa na izy efa nilomano hatramin'ny fahazazany tao anatin'ny kanton'ny tarika Kiaka no anton'izay. Amin'ny ankapobeny mantsy, ny talentan-drainy ihany no dimbiasin' ireto zanany. Ny an'i Nini, ohatra, i Harena Sarobidy, mitendry gitara sady mihira ary izy no vavy tokana anatin' ireo taranaky ny tarika. Ny an'i Deba mpitendry gitara toa azy ihany ; ny an'i Daddy mpitendry vatamaroafitsoka ohatran'ny talentany ihany saingy miampy gitara ; ny an'i Joce (bassiste) ary ny an'i Zozo (batteur).

Hira manodidina ny 30 eo ho eo no nomanin'ny tarika amin'ny alahady izao ao Antsahamanitra. Nohamafisin'i Nini, fa eo ambony sehatra hatrany ny tarika fa hanotrona ihany ireo zanany manan-talenta voalaza ireo. Hiran'ny tarika ranoiray rahateo no homena lanja mandritra ny hetsika.

Koa eo am-piandrasana ny 40 taona manaraka indray dia ity aloha no fihaonana goavana hiarahana amin'ny tarika Kiaka.

**Fy**


**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Lomano - Lalaon'ny Nosy 2023

# Nasaina hiatrika ny fitsapana farany ireo mpila ravinahitra

*Mbola tsy fantatra aloha ny dobo filomanosana hanaovana azy, izay mety any Toamasina.*

Hotanterahana amin'ny 24 jolay izao ilay fifaninanana farany, hifantenana ireo mpilomano handrafitra ny ekipampirenena amin'ny Lalaon'ny Nosy 2023. Nambaran'ny Tale Teknika Nasionaly, Naivo Razafindrafidy, nandefasana fanasana avokoa ireo mpila ravinahitra rehetra hanatrika izany saingy miankina amin' ny mety ho fahafahany izany. An'isan'ny nantsoina ry Andriamparany Ralibera Toky sy Nomena Jauslin any Suisse, izay sangany amin' izao fotoana izao. Eo ihany koa Raharvel Jonathan izay mbola any amin'ny toerampiofanana any ivelany any ary isan'ny mpilomano afaka miady medaly volamena amin'io Lalaon'ny Nosy io. Raha ny voafaritra anatin'ny fitsipika ny Lalao, manana solontena 15 lahy sy 15 vavy ny firenena tsirairay. Raha hiverenana ny mahakasika ilay fifaninanana hanaovana fifantenana farany, mbola tsy fantatra aloha ny dobo filomanosana hanaovana azy, izay mety any Toamasina raha tsy misy ny fiovana satria any irery no manana ny fotodrafitrasa sy ny toetrandro mety amin'izany volana jolay izany. Ankoatra ireo mpila ravinahitra, efa nalefa any amin'ny ligy rehetra ireo fitsipika telo, hahafahana mandefa ireo mpilomano hanatrika ny fifaninanana. Voalohany amin' izany ny hoe azo antoka fa hahazo medaly, ny faharoa dia manakaiky ny fe-potoana amin'ny laharana fahatelo farany, izay ny Lalaon'ny Nosy 2019 no fe-potoana handrefesana azy. Ny fahatelo farany kosa dia ny fandraisana anjara fotsiny atria misy « courses » efa fantatra fa tsy hahazoantsika medaly. Mpilomano avy amin'ireo ligim-paritra 4(Vakinankaratra, Boeny, Atsinanana, Analamanga)amin'ny 7(...Alaotra Mangoro, Matsiatra ambony, Vatovavy ) misy no heverina fa hanana solontena ho tafiditra anatin'ny ekipam-pirenena, izay hatreto, mbola samy manomana any amin'ny liginy avy izy ireny.

**Rabenaivo**

15 taona SLK - FJKM Kristy Fiorenana Ankazomanga

# Fiangonana 20 no handray anjara amin'ny fifaninanana kanetibe





**Velona sy miaina ao anatin'ny Fitandremana Ankazomanga ny SLK !**

Miditra amin'ny andiany faharoa ny fifaninanana amin'ny taranja kanetibe, karakarain'ny Sampana Lehilahy Kristianina eny amin'ny FJKM Kristy Fiorenana Ankazomanga, izay ao anatin'ny fankalazana ny faha-15 taona niorenany (2008 – 2023). Marihina fa nisantatra ny fifaninanana tamin'ity taranja ity ny Sampana velona rehetra tao am-piangonana. Amin'ity indray mitoraka ity kosa dia natokana ho an'ny vahiny nasaina ihany ny fifaninanana. Araka ny fanazavana azo tamin'ny mpitantana ny SLK dia hahatratra 20 ny isan'ny fiangonana, handray anjara amin'ny fifaninanana. Hanomboka amin'ny sabotsy 17 jona 2023 ny lalao fifanintsanana, ary ny lalao famaranana dia ho tanterahina amin'ny sabotsy 24 jona 2023, izay hanomboka amin'ny lalao ampahefadàlana. Amin'ny sabotsy 10 jona 2023 no hanaovana ny fivoriana ao amin'ny fiangonana (2 ora), hanatanterahana ny fizaram-bondrona ary hamantarana ny fizotra sy ny fitsipika mifehy ny fifaninanana. Noho ny fahamaroan'ny mpandray anjara, dia voalaza fa raraka avy hatrany ny ekipa resy amin'ny lalao fifanintsanana. Aorian'ny taranja kanetibe, dia ho tohizana amin'ny fifaninanana baolina kitra indray ny fankalazana ny tsingeritaona faha-15 ny SLK FJKM Kristy Fiorenana Ankazomanga amin'ny volana septambra. Ankoatra ny fifaninanana arapanatanjahantena dia mbola maro ny hetsika karakarainy, izay efa nialohavan'ny fanaovana "*Opération Henankisoa*". Marihina fa tamin'ny alahady teo no nanokanan'ny Mpitandrina Rakotondramanana Arijaona ny fanamiana entin'ireo SLK midera an'Andriamanitra. Mandritra an'ity taona 2023 ity no hankalazany ny faha-15 taonany, nisafidianany ny Teny Faneva "*Koa aza menatra ny ho vavolombelon'ny Tompontsika ; Ry lehilahy mahery (II TIM 1 ; 8a / MPI 6 ; 12)*". Tsara ho fantarina ny mpitantana azy : Filoha : Randriamihanta Mahaimandimby ; Filoha Mpanampy : Ravelojaona Patrick ; Mpitahiry Vola : Ratsirahonana Tsarazaka ; Mpitantsoratry ny Vola : Rakotondramanana Célestin ; Mpitantsoratra : Rafali-manana Aina ; Mpanolotsaina : Rajaonarison Johnny - Rafalimanana Fidisoa.

**aris rafaly**

Bodybuilding - Mada 2023

# Nifampitady tetsy Ivato ireo bokon' hozatra




**Ny filohan'ny FMHMC sy ireo nifaninana teo amin'ny " Men's physique ".**

Tontosa ny faran'ny herinandro teo tetsy amin'ny Mining business Ivato, ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara ho an'ny Body bulding, fantatra amin'ny hoe "Big Mada". Niakatra ny lenta sy fahaiza-manao an'ireo atleta, samy nahatsikaritra izany ny rehetra tonga teny an-toerana. Anisan'izany ny filohan'ny federasiona Malagasy ny fibatana fonjamby, Randriamanarivo Harinelina, izay afa-po sy velombolo tamin'ny ezaka nataon'ireo atleta. Hojerena ny fiaraha-miasa amin'ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena, hoy izy, hahafahana mandefa atleta miatrika fifaninanana Iraisam-pirenena any ivelany. Toy ny mahazatra, sokajy 6 no nifaninanana, ka isan'ny tena nandrasana, ny "Men's physique", izay norombahan-dRalaiaritiana Léonce avy eto Analamanga. Fanienina misesy no nahazoany ny anaram-boninahitra, izay maniry ny hifaninanana amin' ny sehatra Iraisam-pirenena amin'izay. Ankoatra ny iray minitra fahanginana ho fahatsiarovana ny fahalasanan'i Bigman, tonga nanolotra loka teny an-toerana ny vadiny.

**Body perfect !**

Taorian'iny fifaninanam-pirenena iny, ny hetsika « body perfect » indray no miandry ny federasiona. Nambaran'ny Tale Teknika Nasionaly, hifantenana izay solontenantsika hiatrika ny fiadiana ny tompondaka eran-tany any Korea izany. Ireo solofo mpandimby sy ireo goaika antitra no hifampitady amin'io, ka izay mendrika no hahazo ny tapakila. Raha hiverenana ny Big Mada teo, voahosotra ho tompondakan'i Madagasikara ihany Rakotondramasy Rolland Célestin, avy any Vakinankaratra. 17 taona no nandraisany anjara saingy izao vao tompondaka ny lehilahy. Mila finiavana, fitiavana sy faharetana, hoy izy raha te hahazo vokatra. Tsy voatery hahazo voalohany na faharoa foana, fa ny zava-dehibe dia ilay fanaovana spaoro, izay miantoka ny fahasalamana. Vokatra rehetra, Miharivola Fanjanirina Nantenaina (Analamanga)no nandrombaka ny « Classique physique ». Miss Bikini : Rasoanantenaina Muriella( Boeny). (-70kg): Danielson (Vakinankaratra). (-80kg): Ramahavonjy Tolotriniavo (Analamanga). (+80kg): Rakotondramasy Rolland Célestin (Vakinankaratra). Men's physique : Ralaiaritiana Léonce (Analamanga).

**Rabenaivo**

Rugby - XXL TOP 20

# Hidona amin'ny ampahavalon-dalana ny TFA sy UASC

Hanomboka amin'ny 18 jona izao ny dingana ampahavalon-dalana amin'ny fifaninanana « XXL TOP20 », taranja Rugby. Isan'ny fihaonana tena andrasan'ny maro ny fifandonana eo amin'ny TF Anatihazo(faha-6) sy ny UAS Cheminot, izay laharana faha-11. Lalao heverina fa hiady izany satria fileovana samy manana ny herijika handrombahana fandresena izy ireto. Tsiahivina, nifarana tamin'ny alahady teo ny dingana fifanitsanana, ka nivoahan'ny filaharana farany. Efa fantatra ireo ekipa 4 nivarina sokajy, nahitana ny FTAT (faha-17), XV Avenir(faha-18), JST Ambondrona(faha-19) ary ny FBM(faha-20). Amin'ny 2 jolay no ho vita tanteraka ny lalao rehetra amin'ity ampahavalon-dalana ity, ka hiankina amin'ny vokatra mandritra izany no hamoahana ny filaharana, ka hahafantarana ny fihaonana ho an'ny ampaefa-dalana. Eo am-piandrasana izany, toy izao no fandaharan-dalao eo amin'ny ampahavalon-dalana. FTM # XV FA, COSFA # 3FAI, TFMA # USA, 3FB # SCB, USCAR # USI, TFA # UASC, STM # FTBA, MANG'ART # TAM ;

**Rabenaivo**

## Any Ivelany

***Real Madrid / Karim Benzema.*** – 14 taona nanompoana ny klioban'ny « Casa Blanca » espaniola ! Nandao tampoka ny ekipan'ny Real de Madrid CF ilay kintan'ny baolina kitra frantsay Karim Benzema. Nanao veloma ny mpiaramilalao taminy izy, taorian'ny fihaonana nataon'ny ekipany tamin'ny Athletic Bilbao, lalao farany nataony tamin'ny fiadiana ny tompondakan' i Espagne "Liga". Taorian'ny nialan'i Cristiano Ronaldo tao amin'ny Real de Madrid vao nisongadina ny lehilahy, ary nitondra ny fehin-tsandrin'ny kapitenin'ny ekipany. Tamin'ny taona 2022 no voahosotra ho mpilalao mendrika, nandrombaka ny baolina volamena, i Karim Benzema. Mpilalao frantsay faharoa nahazo ny "Ballon d'Or" taorian'i Zinedine Zidane. Amboara maro no napetrany ho an'ity ekipa espaniola ity, dia ny "Champions League" indimy ary ny tompondakan'ny Liga inefatra. Araka ny feo mandeha dia hilalao any Arabia Saodita ihany koa ny lehilahy, toy ny nataon'ireo mpilalao kalaza eran-tany, efa manakaiky ny fisotroana ronono amin'ny filalaovana baolina kitra. Arabia Saodita izay manatobaka vola betsaka ihany koa amin'ny fanakaramana ny mpilalao mahay baolina kitra.